



## **INONA NO IAVAHAN'NY MAHA-PROTESTANTA ?**

### ***IDENTITÉ PROTESTANTE***

Atolotry ny Rev. Dr Jean A. RAVALITERA, Filohan'ny FPMA

#### **FAMPIDIRANA**

Ny trangan-javatra iray (événement) dia mandrakariva ao anatin'ny vanim-potoana voafaritry ny tontolo manodidina (environnement), na ara-tantara na ara-piaraha-monina na ara-kolontsaina (contexte historique, social et culturel). Ny fivavahana rehetra dia tsy miorina sy mamaka mihitsy raha tsy ao anaty kolontsaina (toute religion ne peut s'implanter et s'enraciner que dans une culture), ary miteraka soatoavina (valeurs culturelles) mampiavaka azy. Na samy kristiana aza, ary na samy protestanta, dia tsy tokony hohadinoina mihitsy fa isaky ny vondrona iray dia manana izay mampiavaka azy sy fiziina (identité) azy manokana. **Tsy misy mihitsy firenena iray manana Fiangonana Protestanta iombonan'ny mpiray firenena ao aminy.** Izany no mahasaratra ny mamaritra amin'ny ankapobeny fotsiny izay heverina ho mampiavaka ny protestanta (identité protestante). Hoy aho, indray mandeha, tamin'ny Colloque natao teto Frantsa momba ny Fiangonana naorin'ny mpiavy (Églises issues de l'immigration) : «Pourquoi nous, qui sommes chrétiens et protestants, et par conséquent appartenant à la grande famille des protestants (pour ne pas dire de l'Église Universelle qui est trop floue), qui venons d'ailleurs, aimons-nous avoir « notre Église » à nous en restant ici en France, qu'elle soit malagasy, ou congolaise, ou béninoise, ou camerounaise, ou africaine tout court, ou coréenne, ou suédoise, ou antillaise, et j'en passe ! ... Devant l'évolution de nos sociétés, aucune église ne peut prétendre capable de travailler seule. Il nous faut considérer au moins deux points qui nécessitent une certaine pluralité sans mener vers la prépondérance des particularités dans la mission.

- La langue. Tout le monde est supposé parler français en vivant en France, mais la maîtrise de la langue française n'est pas évidente pour tous. Et nombreux sont ceux qui trouvent du mal à s'épanouir à cause de cette barrière de la langue.
- La culture. Il y a beaucoup à dire à ce sujet. Je me limite à remarquer que l'intégration ne peut jamais combler entièrement le fossé entre une culture d'adoption et une culture de naissance. Nul ne peut se développer complètement sans ses propres repères culturels.»<sup>1</sup>

Tiako homarihina sy asongadina amin'izany fa **na dia manana ny fototra mampiray azy aza, dia misy mampiavaka azy tsirairay avy ny samy protestanta**, na ny isam-pirenena na isam-paritra. Na dia samy Frantsay akory aza eto (tahaka ny any Madagasikara ihany koa sy saika isam-pirenena manerana ny tany) dia misy mampiavaka araka ny kolontsaina sy ny soatoavina nolovana avy tamin'ny tantara tany am-piandohana ny samy Protestanta. Raha

<sup>1</sup> RAVALITERA, Jean A., *Devoir d'accueil et d'hospitalité des Églises : des « vertus » qui stimuleraient des vices ?*, Conférence, IPT Faculté de Théologie Paris, 11 mars 2007

ampitahaina amin'ny Katolika Romana mbamin'ny Katolika Ortôdôksa dia manana fomba iraisana sy mampiavaka azy ny Protestanta, fa araka ny Hira FFPM 268, and. 3 : « Fisoko maromaro, kanefa vala iray » izy.

## **1. FA NAHOANA MOA NO NANTSOINA HOE PROTESTANTA NY PROTESTANTA TANY AM-BOALOHANY?**

Misy antony maromaro no nahatonga izany ara-tantara :

Nomena ireo printsy alemana izay nivory ka nanohitra ampahibemaso ny didy nokasain'ny emperorora Charles Quint avoaka mba hanery ny vahoakany hanaraka ny finoana katolika romana. Telo taona talohan'izay dia nanome alalana ny emperorora mba hahafahan'ny printsy tsirairay misafidy izay fivavahana tiany arahina. Maro no efa nanaraka an'l Luther sy ny fampianaranay. Niova hevitra indray kanefa ny emperorora ka nanafoana izany fifanarahana izany. Notoherin'ireo printsy ireo, tao amin'ny fihaonana nanaovana fifanarahana tao Spire (*Diète de Spire*), tamin'ny taona 1529, ny faneriterena fa mba hanajana kosa ny safidin'ny tsirairay hanaraka izay eken'ny saina aman'eritreriny momba ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny hevitra tiany arahina (*liberté de conscience*). Ny fanambarana nataon'ireo printsy alemana sy ny vahoakany, izay efa babon'ny fampianaranay sy ny fanitsiam-pivavahana nataon'i Luther, no nanomezana azy ireo anarana hoe «printsy mpanohitra» (princes protestants), ka ny mpiara-dia taminy rehetra dia natao hoe «protestants»<sup>2</sup>.

Ho an'ny protestanta kosa, ny anarana hoe «protestanta» dia nalaina avy amin'ny teny latina hoe *pro testare*, midika hoe «mijoro ho vavolombelona», «manamarina» (attester), «manambara» (proclamer), «maneho ankarihary» (afficher publiquement). Misy zava-dehibe tsara asongadina avy ao anatin'ny fanambarana nataon'ireo princes allemands ireo, nahazoantsika ny famaritana hoe protestants, ary zary mifono ny toetra mampiavaka ny protestanta rehetra mandraka ankehitriny. Ireto avy izany :

- 1) Maneho izy ireo eo amin'ny sehatra ara-pivavahana *ny fitodihany amin'Andriamanitra irery ihany sy ny fanomezany lanja ny tenin'Andriamanitra, ary ny fisainany ny ho aviny, dia ny famonjena azy.*
- 2) Amin'ny lafiny etika indray dia tsara homarihana ireto zavatra roa ireto : *eo aloha ny fanomezan-danja ny fahafahan'ny fisainana, ny feon'ny fieritreretana tsy manaiky hofehimpehezina (liberté de conscience).* Fa zava-dehibe koa etsy andanin'izany ny fahasahiana handray andraikitra hanohitra ny Emperorora, ny mpitondra mitady hanao jadona. (*tena tsy nivonona ny hankato ny baikon'ny Emperorora mihitsy izy ireo rehefa resy lahatra fa misy tsy rariny ao*). Fihetsika pôlitika mazava tsara izany, ary nolovan'ny Protestant rehetra mandraka ankehitriny (afa-tsy ny fondamentalistes izay mandray ara-bakiteny fotsiny ny Romana 13, 1-2, fa tsy manao fandalinana izay nahatonga ny Apôstôly Paoly hanoratra io ho an'ny kristiana tany Rome).
- 3) Ny fanamarihana fahatelo dia tsy mpitondra Fiagonana izy ireo, kanefa nijoro tamin'ny finoany sy izay naharesy lahatra azy. Tsy hafa izany fa tena *santatry ny fandraisan'ny tsy olom-pianganana fa vahoakan'Andriamanitra tsotra (laika) andraikitra eo anivon'ny fiagonana Protestanta izany.*

---

<sup>2</sup> «Nous protestons devant Dieu, notre unique Créateur, conservateur, rédempteur et sauveur, et qui, un jour sera notre juge, ainsi que devant tous les hommes et toutes les créatures, que nous ne consentons ni n'adhérons d'aucune manière pour nous et pour les nôtres au décret proposé dans toutes les choses qui sont contraintes à Dieu à sa sainte parole, à notre bonne conscience, au salut de nos âmes et au dernier décret de Spire», in GOUNELLE, André, *Protestantisme*, Paris, Éditions Publisud, 1992, p. 25

Fa ireto lazaina manaraka ireto kosa dia foto-pinoana ampianarina (doctrine) ankatoavin'ny Protestanta rehetra ary mampiseho ny tsy fifanarahany amin'ny Kristiana sasany toy ny Katolika Romana sy ny Ortôdôksa.

1. Maimaimpoana ny famonjena, ary vokatry ny fahasoavan'Andriamanitra mamindra fo amintsika izany, fa tsy noho ny fahamendrehantsika akory (Le salut est totalement gratuit, il est un pur effet de la grâce généreuse de Dieu (**sola gratia**). Ny finoana irery ihany (**sola fide**), izay fanomezan'Andriamanitra ihany koa, no ilaina sy takiana amintsika «Eny, fahasoavan'Andriamanitra no namonjena anareo, tamin'ny alalan'ny finoana! Ary tsy avy aminareo izany famonjena izany, fa fanomezan'Andriamanitra; tsy vokatry ny ezaka vita, fandrao hisy hirehareha.» Efesianina 2. 8-9 (Seule la foi, qui est elle-même un don de Dieu, est nécessaire).
2. Jesoa Kristy no Mpamony tokana, noho izany ny mpino rehetra dia tokony hikolokolo ny fifandraisana manokana Aminy amin'ny alalan'ny finoana (en conséquence chaque croyant doit développer une relation personnelle avec lui par le moyen de la foi. Ao amin'ireo Protestanta « evangéliques » dia tsindriana mafy amin'ny alalan'ny toriteny sy fampianarana io fotokevitra io, ka antsoina ny isam-batan'olona mba hiroso amin'ny fibebahana sy fiovam-po ka hanapa-kevitra hanolo-tena amim-pahatsiarovantena tanteraka hanaraka an'i Jesoa Kristy (une démarche de conversion, et à une décision consciente et définitive de suivre Jésus).
3. Na Maria renin'i Jesoa, na ireo olona efa maty natsangana ho « olomasina », dia tsy misy eken'ny Protestanta ho mbola manana fahefana amin'izao tontolo izao ankehitriny. Tsy eken'ny Protestanta ny mivavaka amin'izy ireo, na mangataka azy ireo hanelanelana amin'Andriamanitra, fa Iray ihany no lalana dia Jesoa Kristy izay nanambara hentitra hoe: « Izaho no lalana sy fahamarinana ary aina; tsy misy olona **mankany amin'ny Ray raha tsy amin'ny alalako** » Johany 14. 6. Tsy inoan'ny Protestanta mihitsy ny mivavaka, na mila fanampiana amin'izy ireo heverina ho « mpiahy ». Raisiny ho toy ny fanompoan-tsampy sy fiviliana amin'ny finoana marina izay fahatokisana sy fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra Irery ihany izany. Fa amin'ny Protestanta dia an'Andriamanitra tokana, Telo Izay Iray, mpanapaka ny zavatra rehetra Irery ihany ny voninahitra! (Dieu unique et souverain sur toutes choses, Père, Fils et Saint-Esprit) (**soli Deo gloria**).
4. Sitrak'Andriamanitra ny nampisy ny Fiagonana, ary amin'ny alalan'izany no hampitana ny Vaovao Mahafaly, koa fitaovam-pahasoavana ho an'ny tsirairay ny Fiagonana araka izany. Ho an'ny velona ny Vaovao Mahafaly torina, ary mandritra ny fotoam-pahavelomana no andraisana amim-pinoana ny famonjena, koa tsy mivavaka ho an'ny maty ny Protestanta. Tsy manana fahefana hitondra famonjena akory ny Fiagonana, na amin'ny alalan'ny mpitondra azy, na amin'ny alalan'ny sakramenta zarainy. Nahatonga ny fisarahan'i Lotera tamin'ny Fiagonana Romana teo am-piandohana ny fanoherany ny fampianarana momba ny « indulgence » sy ny fanaparam-pahefana nataon'ny mpitondra Fiagonana Romana tany an-tampony.
5. Tsy manaiky ny fahefan'ny Papa ny Protestanta, mbamin'ny fanondroana azy ho « dimbin'ny apôstôly Petera » izay heverina fa mpitarika ny Apôstôly. Ny hany Lohan'ny Fiagonana dia ny Tompony Jesoa Kristy, ka ny fahefany dia amin'ny Teniny (Baiboly), sy ny Fanahy Masina irahiny miasa ao amin'ny Fiagonana sy ao amin'izao tontolo izao. Tsy misy ambaratongam-pahefana ara-pitondrana araka izany eken'ny Protestanta amin'ny ankapobeny, na dia manaja ny fisian'ny andraikitra voazarazara araka ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy Masiana aza izy. « Mpirahalahy » sy « Mpianadahy » avokoa ny mpino, na ny Mpitondra Fiagonana na ny vahoakan'Andriamanitra tandremany.
6. Ny Baiboly irery ihany, na ny Tenin'Andriamanitra voasoratra, no eken'ny Protestanta ho Loharano hanovozany ny foto-pinoany (**sola Scriptura**). Tsy eken'ny Protestanta mihitsy ho tsy mety diso ny Fiagonana amin'ny Rafitra handaminana azy. Tsy maintsy mivonona mandrakariva hihavao sy hohavaozina ny Fiagonana rehefa tsaroana sy tsapa miharihary fa mivaona izy eo amin'ny ataony sy ny hafatra ampitainy ka tsy

manaraka ny Tenin'Andriamanitra sy ny fanambarana araka ny foto-pinoana notovozina tao amin'ny Baiboly. Ny Fiagonana efa nahitsy sy nohavaozina araka ny Tenin'Andriamanitra dia tsy maintsy havaozina hatrany hatrany mba tsy hivaona (**Ecclesia reformata semper reformanda**).

7. Heverin'ny Protestanta fa nifarana teo amin'ny fanoratana ny Soratra Masina araka ny Fanekem-pihanavana Vaovao ny Fanambarantenan'Andriamanitra mivantana (La révélation s'achève avec les écrits du Nouveau Testament), noho izany dia tsy manam-pahefana hanampy fanambarana avy amin'Andriamanitra hafa na inona na inona ny Fiagonana. Midika mazava izany fa, na ny Tarazo mbamin'ny Lovantsofina (Tradition), na ireo Fivoriam-piangonana lehibe (Concile), mbamin'ny fikaon-doha ataon'ny tompon'andraikitra samihafa ao amin'ny Fiagonana (Synôda), dia tsy azo antsoina na manam-pahefana hamoaka Lalàna mbamin'ny Fitsipika mbamin'ny Foto-pinoana tsy mifanaraka na mihoatra noho izay ambaran'ny Baiboly (ni la tradition, ni les conciles, ni les Synodes, ne peuvent être invoqués pour édicter des lois ou des articles de foi qui iraient au-delà de ce qu'enseigne la Bible).

## **2. « FISOKO MAROMARO KANEFA VALA IRAY »**

Ara-tantara, ara-poto-kevitra (principes) sy ara-pandaminana (organisation) dia misy vondrona lehibe efatra ny Protestanta araka izao manaraka izao:

### **EGLISES LUTHERIENNES**

Une seule et même foi,  
plusieurs confessions

### **EGLISES REFORMEES**

### **EGLISES BAPTISTES**

### **EGLISES PENTECOTISTES**

Ny **Loterana** dia niandoha tamin'ny taonjato faha-16 ary niainga tamin'ny fampianaran'i Lotera mifototra amin'ireto foto-kevi-dehibe telo ireto: *fahefan'ny Baiboly Tenin'Andriamanitra iorenan'ny foto-pinoana* (autorité souveraine de la Bible), *famonjena azo noho ny fahasoavan'Andriamanitra irery ihany raisina amin'ny finoana* (salut par la grâce, et son corollaire, la justification par la foi), *fanjakam-pisorona ho an'ny mpino rehetra* (sacerdoce universel des croyants). Tsy mitovy avokoa kanefa ny fomba rafitra fandaminana (organisation structurelle) aminy, fa misy ireo manaraka ny Rafitra Episkopaly (toy izay hita any Eorôpa avaratra, any Allemagne, any Asia), misy ny manaraka ny Rafitra Presbyteriana Synodaly, ary misy eo anelanelan'ireo Rafitra roa ireo (toy ny aty Frantsa, sy any Afrika, ohatra).

Ny **Fiagonana réformées** dia niainga koa tamin'ny fampianaran'i Lotera, kanefa koa avy amin'ireo mpanitsy fivavahana hafa toa an-dry Jean Calvin, Ulrich Zwingli, Théodore de Bèze, Savonarole, ary efa nisy talohan'izy ireo aza toa an-dry Wiclef sy Jean Huss. Manamafy ny fotokevitra momba ny Fahefan'Andriamanitra ambony indrindra (la toute-puissance de Dieu) ny teôlôjia réformée. Kanefa manome lanja ny fahafahana sy ny maha-tompon'andraikitra ny kristiana tsirairay avy : rehefa mahazo antoka ny famonjena raisiny avy amin'i Jesoa Kristy ny mpino dia mahatsiaro ho mahazo fanamasinana (sanctification) ka mirotsaka mandray andraikitra ao amin'ny fiaraha-monina mba hiady amin'ny tsy rariny manjaka eto amin'izao tontolo izao. Ny fanekena ny fahambonian'Andriamanitra dia mahatonga ho an'ny Réformées tsy fananana hevitra tena ifikirana momba ny fahefan'olombelona, na arapivavahana na ara-politique (La transcendance de Dieu implique en même temps la relativisation de tous les pouvoirs humains, qu'ils soient religieux ou politiques). Amin'ny rafitra ifandaminana dia saika maka ny Rafitra Presbyteriana synodaly amin'ny ankapobeny ny Réformées, kanefa misy ihany koa ny mitana ny Rafitra Episkopaliana, sy Kongregasionalista.

Ireo **Fiangonana Batista** dia niandoha tamin'ny fanitsiam-pivavahana tamin'ny taonjato faha-16 ihany koa, fa niala tamin'ny Réformées ankapobeny izy ireo (na dia ao anati'ny Fiombonan'ny Réformées aza), noho ny fifikirany tamin'ny fmpianarana ny Batisa fibebahana sy fanolorantena, koa tsy manaiky ny batisan-jaza (pedobaptême) mihitsy izy ary mamerina manao batisa ireo olona tapa-kevitra ny hibebaka ka manambara ny finoany (anabaptistes). Izany hoe, amin'ny ankapobeny ny mpikambana ekeny dia ireo izay manambara ampahibemaso ny finoany an'i Jesoa Kristy ka manolo-tena an-tsitrano sy isam-batan'olona manokana hibebaka sy hino ka mangataka hatao batisa (ceux qui font profession de foi en Jésus-Christ et qui, en demandant le baptême, font un acte volontaire et personnel de repentance et de foi). Noho izany dia antsoina hoe « Fiangonan'ny Professants » izy ireo (Eglises de professants) izany hoe manavaka manokana ny « mino ka manambara ny finoany » : «*Ce qui constitue l'Église, c'est la sincérité, la fidélité, la consécration de ses membres* ». Ezahina mba ho masina sy tsy misy pentipentina na fiketronana» ny Fiangonana, araka ny *Efesiana 5, 27*. Manjary henjam-pitondrana ny Fiangonana ka manavaka ny «madio »sy ny «tsy madio», ka mitaky «fiovam-po» ho an'izay te hanaraka azy<sup>3</sup>, fa tsy mba isan'ny hoe « multitudenistes » izay mampivondrona ny rehetra manaiky sy mino an'i Jesoa Kristy. Ilay teôlôjiana alzasiana antsoina hoe SPENER, niarabelona tamin-dry Lotera ary nifanohitra mafy taminy, dia nanizingizina fa « ao anatin'ny Fiangonana dia misy ny **tena Fiangonana** dia ireo manambara ampahibemaso ny finoany rehefa niova fo (*Ecclesia in Ecclesiola*). Saika avy amin'ny fironana batista no nanome vahana ny fanavahan-tena hoe « converti » eo anatrehan'ny hafa na dia samy mpiray finoana aza. Fa iombonan'ny batista amin'ny Protestanta rehetra ny foto-pinoana mampiavaka ny protestanta izay efa nambara tetsy aloha sy izay mbola horesahintsika etsy aoriana. Saika ireo mivondrona ankehitriny ao anatin'ny antsoina hoe «Ara-pilazantsara» (Évangéliques) dia teraka avy ao amin'ny Batista avokoa, na « Professants » tahaka azy ireo. Eo amin'ny Rafitra ifandaminana amin'ny Fiangonana dia saika Kongregasionalista ny ankamaroan'ny Batista, fa misy ihany koa kanefa ny Presbyteriana Synodaly sy ny Episkopaliana.

Ny **Pentekôtisma** na ny **Fiangonana Pentekotista** dia nateraky ny Fifohazam-panahy teo amin'ny fiandohan'ny taonjato faha-20, taona 1906, tany Amerika, teo ambany fanentanan'ny Mpitandrina iray antsoina hoe **CHARLES FOX PARHAM** sy Evanjelistra mainty hoditra iray antsoina hoe **WILLIAM JAMES SEYMOUR**. Fa efa niainga tany amin'ny Pays de Galles izany tamin'ny taona 1904, noho ny asan'ny Mpitoriteny metôdistea iray antsoina hoe **EVAN ROBERTS**. Ny faniran'ny pentekôtista voalohany, indrindra teo anivon'ireo amerikana mainty hoditra izay nanana ny fiainam-panahiny (spiritualité) manokana nifangaroan'ny fiainam-panahy katôlika sy fiainam-panahy metôdistea, dia ny hiverenana amin'ny loharanon'ny Fiangonana voalohany ka hiaina indray ny traikefa niainan'ireo velona tamin'ny andron'ny apôstôly, indrindra fa izay niseho tamin'ny andro Pentekostra (sources de l'Eglise primitive et de revivre l'expérience des temps apostoliques, plus particulièrement du jour de Pentecôte). Ny mampiavaka ny teôlôjia pentekôtista dia ny fisainana fa omena ny mpino ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny traikefa manokana hafa noho izay hita eo amin'ny batisa mahazatra atao amin'ny rano. Io no atao hoe « Batisan'ny Fanahy Masina ». Mahatonga fanomezam-pahasoavana manokana ho an'ny mpino izany Batisan'ny Fanahy Masina izany, toy ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny fanasiranana mahagaga. Ampifandraisina amin'izay voasoratry ny qpôstôly Paoly ao amin'ny 1 Korintiana ireo fanomezana samihafa ireo. Tsindrian'ny Pentekôtista mafy ny fandinihantena malalaka sy afaka ho an'ny isam-batan'olona (libre arbitre), kanefa misy lamina aradrafitra ny famonjena : «*ordo salutis*» (ordre du salut) izay mandeha ambaratonga (echelons) : fiovampo (conversion), fanamasinana (sanctification), Batisan'ny Fanahy Masina (baptême du Saint Esprit). Mijoro ho vavolombelona mitory ny antsoiny hoe « Filazantsara na Vaovao Mahafaly miseho amin'ny zorony efatra » ("L'Évangile aux quatre angles") ny Pentekôtista, dia ireto : « Jesoa Mamonja, Jesoa manao batisa, Jesoa manasitrana, Ho avy Jesoa » (Jésus sauve, baptise, guérit, revient). Fa mifikitra amlin'ny fotokevi-dehiben'ny Fanitsampivavahana (les grands principes de la Reforme) ihany ko izy ireo, dia ny famonjena amin'ny alalan'ny

<sup>3</sup> RAVALITERA A. Jean, *Toro-lalana ho an'ny Diakona momba izay hampandrosoana ny Fiangonantsika FPMA*, Fampianarana nosoratana tamin'ny 22 mars 2012, tak. 2. Navoaka ao anatin'ny Boky Diakona tsara ofana, Fanontana manokana, Brétigny, 2015.

fahasoavan'Andriamanitra ihany, ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra, ary ny Fanjaka-mpisorona. Eo amin'ny Rafitra ifandaminana amin'ny Fiangonana dia saika Kongregasionalista ny ankamaroan'ny Pentekôtista.

### **3. IREO FOTO-KEVI-DEHIBE ARA-PINOANA TANAN'NY PROTESTANTA**

Efa voalaza tetsy aloha fa mbola averiko tanisaina indray amin'ny teny frantsay, araka ny nandaharan'ilay teôlôjiana alema mpampianatra tao amin'ny Faculté de Théologie Paris (IPT)<sup>4</sup> azy ireo foto-kevi-dehibe ara-pinoana (**Les grands principes du protestantisme**). Efa nosoratako ao amin'ny Fampianarana nataoko tanisaiko etsy amin'ny naoty etsy aloha izy ireo :

- "A Dieu seul la gloire"

***Amin'ny zavatra rehetra sy izay atao rehetra dia ho an'Andriamanitra Irery ihany ny voninahitra (Soli Deo gloria).***

Rien n'est sacré, divin ou absolu en dehors de Dieu affirment les protestants.

Ils sont donc vigilants envers tout parti, valeur, idéologie, ou entreprise humaine prétendant revêtir un caractère absolu, intangible ou universel.

Parce que Dieu est un Dieu de liberté, qui appelle une libre réponse de la part de l'être humain, les protestants sont favorables à un système social qui respecte la pluralité et la liberté des consciences.

- "La grâce seule"

***Ny Fahasoavan'Andriamanitra irery ihany fa tsy ny asantsika no itokiana (Sola gratia)***

Les protestants affirment que la valeur d'une personne ne dépend ni de ses qualités, ni de son mérite, ni de son statut social, mais de l'amour gratuit de Dieu qui confère à chaque être humain un prix inestimable.

L'Homme n'a donc pas à mériter son salut en essayant de plaire à Dieu.

Dieu lui fait grâce, sans condition. Cet amour gratuit de Dieu rend l'Homme apte, à son tour, à aimer ses semblables, gratuitement.

- "L'essentiel, c'est la foi"

***Ny Finoana irery ihany no hahazoam-pamonjena (Sola fide)***

La foi naît de la rencontre personnelle avec Dieu.

Cette rencontre peut surgir brusquement dans la vie d'un individu. Le plus souvent, elle est l'issue d'un long cheminement parsemé de doutes et d'interrogations.

Mais la foi est offerte par Dieu, sans condition.

Tout être humain est appelé à la recevoir dans la liberté. Elle est la réponse humaine à la déclaration d'amour faite à tous par Dieu, dans la parole biblique, en Jésus-Christ.

<sup>4</sup> STRICKER Nicola

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fananterana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fribourg-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

- "La Bible seule"

***Ny Soratra Masina ireny ihany no hanovozana ny fampianaram-pinoana (Sola Scriptura)***

Les chrétiens protestants ne reconnaissent que la seule autorité de la Bible.

Elle seule peut nourrir leur foi ; elle est la référence dernière en matière théologique, éthique, institutionnelle. A travers les témoignages humains qu'elle nous transmet, la Bible est la Parole de Dieu.

Les textes bibliques dessinent des principes généraux à partir desquels chaque protestant, pour ce qui le concerne, et chaque Eglise, collégialement, tracent l'espace de leur fidélité.

- "Se réformer sans cesse"

***Ny Fiangonana efa nohavaozina dia tsy maintsy mihavao mandrakariva (Ecclesia Reformata semper Reformanda)***

Les Eglises rassemblent dans une même foi et espérance tous ceux, hommes, femmes et enfants, qui confessent explicitement le Dieu de Jésus-Christ comme celui qui donne sens à leur vie.

Les institutions ecclésiastiques sont des réalités humaines. "Elles peuvent se tromper" disait Luther. En référence à l'Evangile, les Eglises doivent sans cesse porter un regard critique et interrogateur sur leur propre fonctionnement. Chacun doit y prendre sa part de responsabilité et être témoin de la fidélité à la parole divine.

- "Le sacerdoce universel"

***Ny Fanjakam-pisorona eo anivon'ny Fiangonana (Sacerdoce universel)***

Parmi les principes les plus novateurs de la Réforme, le sacerdoce universel des croyants instaure une place identique, au sein de l'Eglise, à chaque baptisé.

Pasteurs et laïcs se partagent le gouvernement de l'Eglise. Les pasteurs n'ont pas de statut à part dans l'Eglise. Ils y exercent une fonction particulière à laquelle des études universitaires de théologie les ont conduits.

Dans un esprit d'unité, ils assurent en particulier le service de la prédication et des sacrements, l'animation de la communauté au sein de laquelle ils exercent leur ministère, l'accompagnement, l'écoute et la formation théologique de ses membres.

#### **4. FANDISOANA HEVITRA AMIN'NY FIHEVERANA NY MAHA-PROTESTANTA**

A. Tiako averina eto izay efa nampianariko tany aloha, satria mahadiso hevitra ny maro ato amintsika FPMA ny fandraisana ny hevitr'io foto-pinoana momba ny **SACERDOCE UNIVERSEL** io, ka manjary hanamaivanan'ny sasany ny asan'ny Mpitandrina.

Ny fanomezana aina hampahatanjaka ny Fiangonana dia **mitaky fiaraha-miasa akaiky amin'ny Mpitandrina sy ny Komitim-piangonana**. Ao anatin'ny Rafitra Presbyteriana Synodaly dia tokony hisongadina io fiaraha-miasa io, kanefa tsy eo amin'ny lafiny fanapahan-kevitra ihany, fa amin'ny tokony ho **finiavan'ny Komity hanampy sy hanohana ny Mpitandrina**. Ny Fiangonanana rahavavintsika ERF dia mirona ho amin'ny Fahalalahana eo amin'ny fomba fainan'ny Fiangonana (Libéral), hany ka manamaivana ny asan'ny Mpitandrina izay heveriny ho toy ny «mpiasa karamaina» fotsiny eo amin'ny fitondram-piangonana. Efa maro kanefa ankehitriny no mahatsiaro izany fivilihana fahadisoan-kevitra izany, indrindra fa ato anatin'ny rivotra firaosana hirosoany miaraka amin'ny Loterana (EELF). **Ilaina faritana tsara ny andraikitra manokana sy ny fahefana ananan'ny Mpitandrina manokana noho ny fiantsoana azy, ary mikendry ny hisian'ny fifampitokisana sy ny fifampitaizana eo amin'ny Fiangonana**. Amintsika Malagasy manokana, aza adinoina na oviana na oviana fa «raiamandreny» ny

Mpitandrina, ary andraikitra sy adidy lehibe ankinina eo aminy izany. Misy fampianarana nataoko nho an'ny Mpitandrina ao amin'ny FMM momba ny famaritana ny andraikiny. Tsy hotanisaiko eto izany, fa indramiko kosa hanamafy ny mampiavaka ny Mpitandrina amin'ny vahoakan'Andriamanitra ankabobeny ao amin'ny Fiagonana, izay nosoratan'ny teôlôjiana maromaro. Iniaviko tsy adika fa tanako amin'ny teny frantsay nanoratana azy izany, fandrao tsy voalazako mazava ny hevi-dehibe raiketiny. Hoy ireo teôlôjiana, hoe : Il faut bien définir la responsabilité pastorale qui est déterminante pour instaurer un climat de confiance parmi les membres de l'Église. «**L'Église et le ministère pastoral sont deux grandeurs corrélatives, que l'existence de l'Église est liée à celle du ministère pastoral, et l'existence du ministère pastoral est liée à l'existence de l'Église**»<sup>5</sup>.

B. Mbola isan'ny mahadiso hevitra ny maro ihany koa ato amintsika ny fandraisana ny hevity ny **RAFITRA PRESBYTERIANA SYNODALY** izay arahin'ny ankamaroan'ny Protestanta ary isan'izany isika FPMA. Efa nanao fampianarana momba io koa aho ka ampahany amin'izany no averiko eto :

Araka ny **and. 7** ao amin'ny **Confession d'Augsbourg** mamaritra ny fampianaram-pinoana eo amin'ny Loterana : « Ny Fiagonana dia ao amin'ny toerana itoriana mazava sy marina ny filazantsara ary izarana amin'ny fomba mety ny sakramenta » (*Il y a l'Église là où l'évangile est fidèlement préché et les sacrements sont droitement administrés*). Mitovitovy amin'izay ihany koa ny famaritan'ny Réformées azy, araka ny **Confession de La Rochelle**, **and. 28** : « Eo amin'izay tsy nandraisana ny tenin'Andriamanitra sy eo amin'izay tsy hampiasana ny sakramenta dia tsy azo lazaina fa misy Fiagonana » (*Là où la parole de Dieu n'est pas reçue, là où il n'est pas fait usage des sacrements, on ne peut pas dire qu'il y ait l'Église*). Araka ireo fanambaram-pinoana ireo, tsy ny asa fanompoana ao anatin (les ministères) no mamaritra ny Fiagonana, na ny fivorian'ny olona (ni la communauté), fa ny fanambarana sy fihainoana ny tenin'Andriamanitra ary ny fizarana ny sakramenta.

Tsy manamaivana ny rafitra ny Luthéro-Réformés, fa ny **nomeny lanja kokoa dia ny filazantsara mialoha ny fikambanan'ny olona** (*l'accent est mis sur l'évangile et non sur la communauté*). Tsy mba mahita ny *corpus purum* ao anatin'ny Fiagonana, sady tsy mitaky izany ny Luthéro-Réformés, fa ho azy kosa dia *corpus mixtum*, izany hoe fikambanan'ny olona mifangaro ny ao amin'ny Fiagonana ka samy ao daholo n any kristiana tsara na ny kristiana ratsy, ny niova fo sy efa resy lahatra ary ny mbola vao miana-mandeha ara-pinoana, na tsy mino akory aza fa manatona ny olona mivory mba hahalala zavatra. Taha ny fisian'ny vary sy tsimparifary araka ny fanoharana nataon'ny Tompo ao amin'ny *Matio 13, 24-30*, tsy anjarantsika ny mikororoka sy manavaka izany fa « avelao izy aloha hiara-maniry mandra-pahatonga amin'ny taompijnjana », hoy ny Tompo. Tsy ny fahatsaran'ny mpikambana ao aminy no mamaritra ny Fiagonana (fa samy mpanota avokoa isika rehetra ary hohamarinina maimaimpoana amin'ny finoana), fa ny asan'Andriamanitra manokana sy tena araka ny safidiny tsy azontsika fehezina izay entiny manatona antsika sy hetezany hiara-miasa amintsika ka hitenenany amin'ny alalan'ny teniny torina sy ny sakramenta zaraina. Nampiavaka ireo fanekem-pinoana réformées ny fandrafetany momba ny fitantanana ny Fiagonana sy ny fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiaraha-monina ao amin'izao tontolo izao. Ny Synoda nataon'ny fiagonana réformées frantsay tao Paris tamin'ny taona 1559 no namaritra ny fomba fitondrana eo amin'ny Fiagonana, antsoina hoe «Presbytérien Synodal»: ny fahefana manapa-kevitra amin'ny fitondrana ny Fiagonana dia mandeha amin'ny fivoriana (synodal) isan'ambaratonga ka ny faratampony dia ny fivoriambe (synode) amoriana ny solontena tendren'ny isam-piangonana ahitana loholona sy pasitera (presbytérien).

C. Ary mahadiso hevitra ny sasany koa ny fandikana ny hoe **PROTESTANTA** izay heveriny fa manohitra foana, hany ka mahafinaritra ny sasany ny mitsikera ny mpitondra na ny namana ary mikiry amin'ny heviny foana izy, kanefa tsy mitondra fampandrosoana mihitsy fa mahatonga fifampiandaniana akory aza. Aza adinoina ireto andraikitry ny Fiagonana ireto:

► Satria Vatan'i Kristy ny Fiagonana dia Tokana izy (Corps du Christ, l'Église est une) ↔ mizarazara ho antokom-pinoana maro kanefa ny Fiagonana ary tsy mitsahatra ny mifanolana ao anatin tsirairay

<sup>5</sup> BÜHLER, Pierre, BURKHALTER, Carmen (éditeurs), *Qu'est-ce qu'un pasteur ?*, Genève, Labor et Fides, 1997, p. 23

avy ao (elle est constituée d'églises multiples, de différentes confessions, divisées entre elles et au sein de chacune par mille conflits)

► Ny Fanahin'Andriamanitra, oharin'i Jesoa Kristy amin'ny rivotra mitsoka amin'izay tiany ka re ny feony, nefy tsy fantatra izay ihaviany na izay alehany (*Jaona 3, 8*) no mampisy sy mitarika ny Fiagonana (C'est l'Esprit de Dieu qui suscite et dirige l'Église) ↔ kanefa natsangan'ny rafitra nataon'olombelona izy (institutions humaines) ka tsy maintsy manaja fandaminana samihafa, ary misy rafitra ifehezana azy (structures), ambaratongam-pahefana (hiérarchies), fitsinjovana ny ho aviny (prévisions).

► Natao hanambara sy ho vavolombelon'ny fitiavan'Andriamanitra mandrotsaka ny fahasoavany maimaimpoana ny Fiagonana (annonce l'amour gratuit de Dieu et sa grâce gratuite) ↔ vola sy harena kanefa no mampandeha azy amin'ny maha-fikambanan'olombelona azy, ary misy manery sy mandidy azy mandrakariva ao (contraintes et obligations).

► Vahoakan'Andriamanitra nantsoiny sy nomeny ny teniny ny Fiagonana ka miombona manodidina ny Tompony, mihaino sy mankato ny Teniny, mizara ny mofo sy ny kapoaka santatry ny fanasana lehibe ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ↔ nefy irahina ny Fiagonana hitory ny Filazantsara ary miteraka antokom-pinoana samihafa izany araka ny antokon'ny mandeha mitory.

## **5. FIVELARANA EFATRA MAHA-PROTESTANTA NY PROTESTANTA**

Misy **fivelarana efatra** (quatre dimensions) mampiavaka ny Protestanta rehetra mandraka ankehitriny, dia ireto avy : - lafiny ara-pinoana sy ara-pivavahana (dimension religieuse), - lafiny ara-pitondran-tena sy fandraisana andraikitra (dimension éthique et conscience de la responsabilité), - lafiny ara-politika (dimension politique), ary – fanomezan-danja sy fivelarana ny tsy olom-piangonana (dimension laïque). Hita eo amin'ny protestanta malagasy aty am-pivahiniana ireo, fa ny olana mila fitandremana dia ny fanaraoraotan'ny sasany mitady hikendry ny hanaovana ny fiagonana ho fitaovana hampielezana ny hevity ny tenany manokana sy ny hambom-pony. Izany no ilàna ny fanamafisana ny rafitra mba hahafahana mamefy ny fihoarana ny fetra eo amin'ny kristiana protestanta malagasy sasany aty am-pivahiniana. **(Il y a quatre dimensions qui font l'originalité, sinon la particularité de tous les Protestants, à savoir :**

- La dimension religieuse,
- La dimension éthique et conscience de la responsabilité,
- La dimension politique,
- La dimension laïque).

Efa voaresako amin'ny ankapobeny teo ny momba ireo ka tsy ivalamparako intsony.

Fa hamaranako ity fampianarana lava dia lava ity dia te hiresaka kely aho fohipohy momba ny **«MARIAGE POUR TOUS»** izay nahatonga resabe tato ho ato vokatry ny Fanambarana navoakan'ny Fiagonana EPUDF taorian'ny Synodany momba ny fanekena **« hanamasinana fifankatiavan'ny olona lahy samy lahy na vavy samy vavy »**. Hisy fandalinana hatao momba io Mariage pour tous io eo anivon'ny FMM, ary any amin'ny Zaikabe hataontsika amin'ny volana Novambra izao dia horesahina be dia be io satria hifantoka momba ny Fianakaviana ny lohahevitra hobanjinintsika amin'izany. Tsy voaresaka vetivety ny tokony holazaina rehetra momba io, fa ireto misy tiako ampitaina aminareo ampahany ihany araka ny fikarohana sy fandalinana kely mba efa nataoko.

### **1. FOTOKEVITRA TEOLOJIKA MOMBA NY HOMOSEQUALITÉ.**

Raha fintinina izay ambaran'ny Baiboly momba ny «homosexualité» dia azo anatsoahana ireto fotokevitra manaraka ireto:

- Lehilahy iray sy vehivavy iray no nampiraisin'Andriamanitra ao amin'ny fanambadiana.

Io no fikasàn' Andriamanitra ho an'ny mpivady (Genesisy 1. 27 ; 2 . 18,24)

- Lehilahy iray sy vehivavy iray izay mifanaiky hiara-dalana ao anatin'ny fanambadiana no afaka manao firaisansa ara-nofo (Ho nofo iray ihany). (Genesisy 2. 24,25) Ampiasain'ny Baiboly ny teny hoe "mahalala" (Hebreo yâdâ) hilazana ny firaisan'ny lahy sy ny vavy (union sexuelle≠ relation sexuelle) ary mikendry fahariana indray izany (Genesisy 4. 1; 2 Samoela 12. 24)
- Mifanohitra amin'ny asan'Andriamanitra ny « homosexualité » ka heverina ho fahotana, izany hoe: mitarika ny olona hanalavitra sy tsy hankato ny sitrapon'Andriamanitra (Romana 1. 26 - 27). Voalaza ao amin'ny Genesisy 18. 20 fa niteny ny Tompo Andriamanitra, hoe: «Betsaka ny fitarainana momba an'i Sodoma sy i Gomora; ary mavesatra loatra ny fahotany. Koa voatery hidina Aho mba hijery raha toa ka araka ny fitarainana tonga any amiko tokoa no nataony. Ho fantattro raha nanao izany rehetra izany izy na tsia». Azo antoka fa isan'ny fahotana sy nahatonga fitarainana momba ireo tanàna ireo ny voalaza eo amin'ny Genesisy 19. 5: «Aiza ireo lehilahy tonga teto aminao izao hariva izao? Avoahy aty izy hanaovanay firaisansa.» Avy amin'izany indrindra no niavian'ny filazana ny hoe "sodomie".
- Fialàna amin'ny toetra voajanahary ny « homosexualité ». Tsy nahary olona ho « homosexual » Andriamanitra, saingy mety hisy ny olona izay banana fironana ho amin'izany.
- Samy ahitana andinin-tSoratra Masina manameloka ny « homosexualité » (lehilahy samy lehilahy, na ny vehivavy samy vehivavy) na ny Testamenta Taloha na ny Testamenta Vaovao (Levitikosy 18. 22; 20. 13; Romana 1. 26-27). Manameloka ny « sodomie » ny Soratra Masina, na eo amin'ny lehilahy samy lehilahy, na eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy (1 Timoty 1.10).
- Mila fongorana tanteraka (fanamelohana ho faty) ny « homosexual » araka ny bokin'ny Levitikosy (Levitikosy 20. 13). Tsy hita intsony kosa izany ao amin'ny Testamenta Vaovao. Adikantsika ankehitriny hoe "homophobie" izany.
- Tahaka ny fahotana rehetra ny « homosexualité » ao amin'ny Testamenta Vaovao. Tsy fahotana lehibe mihoatra noho ny fahotana hafa (toy ny fijangajangana na ny fangalarana na famonoana olona na fanompoan-tsampy) akory ny « homosexualité ». Ny fahotana rehetra dia fanoherana an'Andriamanitra. Samy tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra ny mpanota (1 Korintiana 6. 9-10)
- Loza ho an'ny ho avin'izao tontolo izao anefa ny « homosexualité »: tsy misy ny fiterahana, tsy misy ny taranaka mifandimby (satria tsy nateraka fa natsangana ny zanaky ny homosexual, ary manome vahana ny "crise d'identité" mety ho tsaroan'ilay zaza izany any aoriana, indrindra raha tsy fantany ny ray na reny nahary azy). Tao amin'ny Baiboly, ny fahamombana, ohatra dia noraisina ho tahaka ny sazy avy amin'Andriamanitra. Tsy afaka ny hamokatra (hiteraka) araka ny tsodrano nataon'Andriamanitra amin'ny mpivady (Genesisy 1. 28) na hanatanteraka araka ny tokony ho izy ny andraikitra ao an-tokantrano ny « homosexuals ». Heverina ho tahaka ny famonoana olona ny « homosexualité » eto.
- Tempolin'Andriamanitra ny mpino kristiana ka tsy tokony banana toetra ratsy mifanohitra amin'ny sitrapon' Andriamanitra (1 Korintiana 3. 16; 6. 19).
- Na izany aza, manome ny hery hahazoana manohitra sy mandresy ny fahotana Andriamanitra (1 Korintiana 6. 11)
- Vonona ny hamela heloka amin'ny mpanota rehetra izay mino sy manaiky an'i Jesoa Kristy ho Tompo sy Mpamony azy Andriamanitra, na inona na inona endriky ny fahotana nananany (na ny mpangalatra, na ny mpijangajanga, na ny mpanompo sampy, na ny « homosexual » (Jaona 6. 37 ; 1 Jaona 1. 9), afa-tsy ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina irery ihany.

## 2. HEVITRY NY FIANGONANA SAMIHAFA MOMBA NY HOMOSEXUALITÉ:

- Ny FIANGONANA KATOLIKA ROMANA dia manameloka ny « homosexualité» noho ny fiheverany fa vokatry ny fahotan'ny olombelona no mahatonga ny olona iray ho «homosexuel». Fivilian'ny toe-tsaina sy ny fitondrantena ny « homosexualité». Maneho mazava kosa ny Fiagonana Katolika Romana fa tsy tokony hailikilika kanefa ny olona «homosexuel» fa raisina am-pahendrena sy am-pitiavana ao amin'ny Fiagonana izy ireo. Manameloka ny «acte homosexuel» izy fa tsy manameloka ny olona mirona amin'ny « homosexualité». Tsy mbola manamasina ny fanambadiana «homosexuel» ny Fiagonana Katolika Romana. Na izany aza dia misy ny antsoina hoe: « Eglise vieille Catholique » (jereo etsy ambany) izay manana hevitra malalaka kokoa ary manaiky ny fanamasinana ny fanambadiana «homosexuel» (tena vitsy an'isa izany, saingy misy).
- Ny FIANGONANA ANGLIKANA dia tsy mbola manana hevitra iraisana ny Fiagonana Anglikana fa mbola ao anatin'ny adihevitra lehibe ankehitriny. Efa nisy anefa ireo Eveka anglikana izay nanambara mivantana fa «homosexuel» kanefa mbola notendrena ihany ho amin'ny andraikitra ambony eo anivon'ny Fiagonana. Tsy ny anglikana rehetra no nankasitraka izany, ary nahatonga fisarahana akory aza.
- Ny FIANGONANA ARA-PILAZANTSARA(EVANGÉLIQUES, fironana protestanta) any Afrika dia saika manameloka avokoa ny « homosexualité ». Misy ireo mihevitra fa fomba na kolotsaina vahiny tsy mifanaraka amin'ny fisainana afrikana izany.
- Ny MORMONS dia vonona handray ny «homosexuel» ao amin'ny fiagonana, kanefa misy fepetra ihany izany. Heverin'izy ireo fa azo atao tsara ny mifehy ny «homosexualité » satria tsy toetra voajanahary izany.
- Ny EGLISE UNIE DE CANADA (anisan'ny Fiagonana lehibe indrindra ao Canada) Nanomboka tamin'ny taona 1990 dia efa nanaiky ny (olona «homosexuel» ho lasa Mpitandrina izy ireo. Afaka miaina malalaka miaraka amin'izay namany koa ny «homosexuel», Mihevitra izy ireo fa ny olona tsirairay dia nohariana hanana ny endrik'Andriamanitra fa tsy miankinda amin'ny fironana «sosialy» izany. Manaiky ny fanambadiana «homosexuel» izy ireo. Na izany aza dia mbola manome fahalahahana ny Fitandremana tsirairay izy ireo na hanamamasina ny fanambadiana «homosexuel» izy na tsia.

### **3. FANONTANIANA FAMPIERITRERETANA:**

- Teraka ho «homosexuel» ve ny olona sa lasa ho «homosexuel» ?
- Toetra voajanahary ve sa vokatry ny fanabeazana ny «homosexualité» ?
- Afaka raisina ho isan'hy Fiagonana tsy misy fepetra na fanavakavahana ve ny olona «homosexuel» ? -Ahoana ny fotokevity ny «fanamarinana amin'ny finoana ?» «Ny marina amin'ny finoana no ho velona ?»
- Azo ekena ve ny fanamasinana ny fanambadiany olona «homosexuel» izay mifanaiky hiaraka mandrakizay (fidelité du couple)?
- Azo raisina ho Mpitandrina ve ny «homosexuel» ?

### **4. IZAY NALAINA TAO AMIN'NY INTERNET MOMBA NY HOMOSEXUALITÉ SY NY FIVAVAHANA**

Les religions abrahamiques rejettent catégoriquement les rapports sexuels homoérotiques, très souvent au travers de la sodomie. Ainsi, dans l'Ancien Testament : Lévitique 18,22 : « *Tu ne coucheras pas avec un homme comme tu couches avec une femme, car c'est une abomination* ». Le Nouveau Testament réitère la condamnation : Romains 1,26-27 : « *Dieu les a livrés à des passions infâmes ; car les femmes parmi eux ont changé l'usage naturel en un autre qui est contre nature. De même aussi les hommes, laissant l'usage naturel de la femme, ont été embrasés dans leur convoitise les uns pour les autres, commettant, homme avec homme, des choses infâmes, et recevant en eux-mêmes la récompense qui était due à leur égarement* ». L'ISLAM traditionnel (sunnite ou chiite) condamne également l'homosexualité par le biais de la charia. À noter

que les condamnations sont variables d'une religion à l'autre, et tendent à s'assouplir dans le christianisme. Ainsi, dans l'ÉGLISE CATHOLIQUE, l'accent est mis sur l'accueil et la bienveillance à l'égard des personnes homosexuelles tout en maintenant une interdiction et une condamnation des relations sexuelles. Le pape FRANÇOIS a ainsi déclaré en 2013 « Si une personne est gay et cherche le Seigneur avec bonne volonté, qui suis-je pour la juger (...) Nous devons être frères. ». Le PROTESTANTISME, dans sa grande majorité, laisse les croyants seuls juges de leur foi et de la manière de l'appliquer. L'homosexualité dans l'ANGLICANISME, par exemple, semble s'éloigner du rejet de l'acte homosexuel issu du christianisme et au-delà, du judaïsme, avec bénédiction du mariage homosexuel ; mais cette acceptation n'est pas unanime dans l'église. Le primat anglican Peter AKINOLA a ainsi dit : « Je ne peux comprendre comme un homme sensé pourrait souhaiter une relation sexuelle avec un autre homme. Même dans le royaume animal, chez les chiens, vaches, lions, on n'entend pas parler d'une telle chose », ce qui est contraire à l'observation.

En France, des associations homosexuelles confessionnelles existent, par exemple : chez les catholiques David et Jonathan, les Juifs Beit Haverim et les musulmans homosexuels musulmans de France, mais elles ne sont pas reconnues par les instances religieuses. Le point de vue MORMON sur l'homosexualité n'est pas très éloigné de la position de l'Église catholique romaine qui en appelle à la « chasteté ».

Le bouddhisme enjoint à la maîtrise des sens. L'homosexualité n'est donc pas blâmée en tant que telle, la « conduite sexuelle éthique » enjoint à l'ascétisme et l'idéal le plus élevé du bouddhisme est l'absence complète de toute activité sexuelle. Le bouddhisme a généralement comme attitude de respecter les cultures et les religions d'autrui. Ce qui implique que les idées défendues par les bouddhistes peuvent différer d'une culture à l'autre et que l'on trouve des auteurs bouddhistes qui condamnent l'homosexualité. Dans un entretien, le quatorzième dalaï-lama, TENZIN GYATSO, déclare que l'homosexualité « fait partie de ce que, nous les bouddhistes, appelons « mauvaise conduite sexuelle ». Plus récemment, il a déclaré : « Comme le christianisme, le bouddhisme recommande d'éviter les relations sexuelles avec quelqu'un du même sexe. Mais, d'un point de vue social, cela ne pose pas de problème pour les gens n'ayant pas de foi particulière, du moment que les rapports sont protégés. »

Tsy mifanaraka amin'ny foto-pinoantsika miorina ara-tSoratra masina ny « Homosexualité » ka soroatra amintsika ny hanaiky ny fanamasinana « fanambadiana homosexuel ». Tokony avahana tsara ny « fitiavana » ao anatin'izany : eros ve ? Sa *philia* ? Sa Agapê ?

Brétigny sur Orge, 02 Jona 2015

Rev. Dr Jean A. RAVALITERA, Filohan'ny FPMA